Mba tantanonao, ry Raiko...

Soumis par Administrator

{mosimage cw=180 ch=135 popup=1} Rado, L’illustre poète malgache nous a quittés

La nouvelle vient de tomber sur toutes les chaînes de radio et de télévision de la Grande Ile, Georges Andrimananatena sous le pseudonyme de Rado a rendu l’âme à 85 ans dans la nuit du 15 septembre 2008

Il est certes le poète le plus connu de Madagascar, chacun de ses œuvres reste gravé à jamais dans le cœur des Malgaches si nous ne citions que « Voninkazo Adaladala », "N'inon'inona" ou encore "Ry fahafahana".

A la fois, poète, peintre et musicien, Rado est un artiste complet qui doit sont talent aux Pasteurs Ravelojaona et Ravaojanahary Alphonse de l’église FJKM Tranovato Faravohitra. Il a écrit d’ailleurs une vingtaine de cantiques inspirés de l’Evangile.

Notons que Rado a fait le choix d’écrire uniquement en Malgache par amour pour sa patrie. Il a à son actif huit livres dont la majorité évoque essentiellement la fierté malgache.

Son parcours

Né le 1er octobre 1923 à Ankadivato, Antananarivo, Georges Andriamanantena y passe toute son enfance et sa jeunesse. Il est le dernier né d’une famille de 5 enfants.

1929 Entrée à l'Ecole Officielle de Faravohitra

1933 Mort de sa mère: Sa personnalité fortifiée.

1933-1941 Ecole d'Ambohijatovo Atsimo

1942 Collège Paul Minault

1943 Entrée dans la vie active (Agent Comptable à "La Préservatrice", société d'assurance à Antananarivo)

Rejoint son frère Célestin Andriamanantena à la rédaction du journal HEHY (Rires)

1960 Etudes à l'Ecole de journalisme de Strasbourg

Il exerce le métier de journaliste jusqu'en 1966.

1966 –1976 maison d'édition protestante d'Imarivolanitra, Antananarivo

1976 – 1978 Journaliste

1988 Membre Académie Malgache

Eminent membre de Havatsa-UPEM et Académie malgache, Rado a sorti dix ouvrages contenant ses poèmes qui sont au programme des classes du second cycle de l'enseignement secondaire malgache. -

Voici un extrait de "Aza avela hahalala", une des chansons qu’il a écrite :

Aza avela hahalala ny antony nanaovanao

ny hariva mamanala na ireo maraina vao

Tsy ho takatry ny saiko zay rehetra alahatrao

Ny angatahako ry Raiko, aoka aho hatoky Anao

Aza avela hanontany ny hafaliana atolotrao

na ny anton' ny tomany efa hitako hatrizao

Aza avelanao hanefy ny ampitso zay Anao

aza avelanao handrefy zay ho fitantananao

Olga HELISOA,

tiré de http://www.moov.mg du 16/09/2008

Iza moa i Rado

I Rado mihitsy no nanoratra ity CV atolotra ho anao ity. Tamin’ny 21 mey 2008 lasa teo no nanaovany azy. Asa, toa efa nandindona azy angamba izao fandaozana antsika izao.

Anarana : ANDRIAMANANTENA

Fanampinanarana : Georges

Teraka tamin’ny : 1 oktobra 1923, Tao Ambohipotsy - Antananarivo

Ray : ANDRIAMANANTENA Gaston, Mpitandrina (eLa-maty)

Reny : RAZAFINDRAFARA (efa maty)

Fiaviana : lafin-dray : Betsizaraina - Antananarivo

Lafin-dreny : Amboanana - Arivonimamo

Solon’anarana amin’ny asa soratra : Rado noho ny fitiavany ilay Ohabolana hoe : "Voahangy mitoham-bolamena, raha misaraka tsy ampy ho rado" (mitory hatsaran-tarehy)

Vady : RAVOLOLONA Edwige

Zanaka : Enina mianadahy (4 vavy, 2 lahy)

Zafikely : 14

Zanajafy : 12

Sekoly nianarana :

• 1929 - 1931 : Ecole Officielle Faravohitra

• 1932 - 1940 : Ambohijatovo Atsimo (FFMA)

• 1941 - 1942 : Kolejy Paul Minault

• 1943 : Chambre de Commerce (fianarana comptabilité)

• 1959 - 1960 : Centre International d’Enseignement Supérieur de Journalisme (Université de Strasbourg-France)

Asa natao :

• 1943 - 1955 : Préservatrice Assurances

• 1955 - 1966 : Gazety Hehy (nanao gazety)

• 1967 - 1974 : Talen’ny Trano Famoaham-Boky Protestanta Imarivolanitra

• 1975 - 1977 : Niverina tao amin’ny Gazety Hehy

• 1977 - 1989 : Tale tao amin’ny Ministeran’ny Fanolokoloana sy ny Zavakanto Revolisionera

Asa soratra : « Dinitra » (1973) ; « Ando » (1977) ; « Zo » (1980) ; « Sedra » (1993) ; « Ny Teny Malagasy » (1994) ; « Tsy maintsy mipoaka » (2002) ; « Voninkazo adaladala » (2003) ; « Fiteny roa - En deux Langues » (2005)

Manana tononkalo voadika amin’ny teny : Rosiana, Anglisy, Frantsay, Alema. Fikambanana misy azy : Havatsa - Upem : Union des Poètes et Ecrivains Malgaches Filohamboninahitry ny Fikambananan’ny Mpikabary eto Madagasikara, Mpikambana Mahefa ao amin’ny Akademia Malagasy (Membre Titulaire)

Talenta hafa : Sary hosodoko, paik’afo (pyrogravure), kiky fitaratra (gravure sur verre), tosi-by (métal repoussé), famoronana hiram-bavaka. Ala voly : Jono (ranomamy sy ranomasina), filalaovana amin-jafikeliny Mariboninahitra : (nomen’ny Fanjakana fa tsy nangatahana) : Chevalier, Officier, Commandeur, Grand Officier, Grand Croix de 2ème classe de l’Ordre National Malagasy Toerana nanaovany fampirantiana Zavakanto : Antananarivo, Francoville, Paris (Frantsa)

Fanolokoloana : Tao an-tokantranon’ny raiamandreninay, ankoatra ny fitaizana kristiana izay tena nimasoan’izy ireo fatratra, dia nisy koa fanabeazana sy fanolokoloana noraisina tamin’izy ireo.

- Isaky ny Alarobia hariva, alohan’ny hatoriana, dia misy fotoam-pivavahana iombonanay mianakavy, ka ifandimbiasana isan-kerinandro ny ftarihana azy. Tena nahasoa anay mianadahy isany izany. Ivelan’ny fitaizana azonay teo anivon’ny Fiangonana isan’alahady mantsy dia manatanjaka ny fijoroanay ho kristiana teo anivon’ny fiarahamonina izany, mandraka ankehitriny.

- Aorian’io fiaraha-mivavaka io koa dia ampianarina ny fomba amam-panao maha Malagasy izahay. Indrindra ho tia sy hahay ny Teny Malagasy. Izay tena nimasoan’Idada tamin’izay dia ny fampahatantarana ohabolana Malagasy taminay. Tsy maintsy mahay sy mahafantatra iray isan-kerinandro izahay, ary raha ilaina aza dia hiverenena amin’ny manaraka iny raha mbola tsy mazava.

- Ankoatra’ireo dia nampianarina ho tia hira, tantara, angano, mozika, sary, sol-fa, zava-maneno. Azoko lazaina fa ny fampitiavany anay ireny kanto ireny no nitarika anay ho amin’izao toerana misy anay ankehitriny izao : mpanoratra, mpanao gazety, mpamoronkiram-bavaka, mpanao sary, mpamorona zava-kanto. Nezahiny ny nividy harmonia hianaranay mitendry, na dia elaela ihany aza ny fanefana izany, fa naloa tsikelikely.

- Nampidirina tany amin’ny Fitaizana Tily koa izahay mirahalahy. Manampy ny fitaizana maha olona koa izany : hahay mihafy, mahay mikarataka mba tsy ho very mandeha, hahaleo tena ary hahalala ny tontolon’ny fiaraha monina, ho tia tanindrazana sy hatahotra an’Andriamanitra.

- Izany rehetra izany mitambatra no lasitra nibeazanay mianadahy avy. Ekeko marina ankehitriny fa ny fanolokoloana sy fanabeazana ao an-tokantrano toy izay natao taminay, no antoka voalohany haha firenena vanona ny firenena. Raha tsy any amin’ny andron’ny fahazazana no voataiza ny zanaka mba hahalala ny sori-dalana tiana halehany dia firenena poakaty feno tsangan’olona tsy misy ilana azy ny firenena.

Antananarivo, 21 mey 2008.

ANDRIAMANANTENA Georges RADO